TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA
ECONOMIE et FINANCES
MADAGASIKARA
Newsletter
MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES · TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA · MEF
28 JUILLET 2025

# Projets PIC-2 et PIC-3 à Sainte-Marie : la boucle est bouclée

**89 km. C'est le total des portions de routes inaugurées par le Président de la République, SEM Andry RAJOELINA à Sainte-Marie le 11 juillet dernier.**



# PLFI 2026

## Une large concertation engagée avec le Secteur Privé



# Projets PIC-2 et PIC-3 à Sainte-Marie : la boucle est bouclée





## 89km

**C'est le total des portions de routes inaugurées par le Président de la République, Monsieur Andry RAJOELINA à Sainte-Marie le 11 juillet dernier.**

La RNS 21 reliant l'aéroport de Ravoraha à Ilot Madame, Lokintsy, Ambodifotatra, Ankirihiry, Vohilava et Ambodiatafana, sur un linéaire de 89 kilomètres, a été officiellement inaugurée. Il s'agit de l'infrastructure la plus longue réalisée dans le cadre des projets PIC-2 et PIC-3, financés par la Banque Mondiale et l'OFID.

Avec cette route, la population locale pourra déjà se projeter dans des projets de relance de l'économie. La mobilité et les échanges, jusque-là rendues difficiles par l'état des routes seront décuplées. Elle contribuera de fait à dynamiser le développement économique et touristique de l'île. Rappelons que cette réalisation concrétise l'engagement pris par le Président de la République Andry Rajoelina lors de sa visite à Sainte-Marie en 2021, où il avait annoncé les travaux de réhabilitation de cet axe stratégique.

***Tetikasa PIC-2 sy PIC-3 ao amin'ny nosy Boraha (Sainte-Marie) : notokanana ny làlana mirefy 89 Km***

Notokanana ny 11 jolay 2025 lasa teo ny làlana RNS 21 izay mampifandray an'i Ravoraha, Ilot Madame, Lokintsy, Ambodifotatra, Ankirihiry, Vohilava ary Ambodiatafana. Mirefy 89 km ity làlana ity, ka izy no lava indrindra amin'ireo fotodrafitr'asa vita tao anatin'ny tetikasa PIC-2 sy PIC-3, izay novatsian'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny OFID.

Fanatanterahana ny fampanantenana nataon'Andriamatoa Filoha Andry Rajoelina nandritra ny fandalovany tao Sainte-Marie tamin'ny taona 2021 izao fanamboarana izao, ho setrin'ny hetahetan'ny mponina sy fanohanana ny fampandrosoana ifotony.

Maro ny soa entin'ity làlana vaovao ity : fanamoràna ny fitaterana sy ny fifamezivezena izay tena nahasahirana, fanentanana ny toe-karena, ary fanomezana vahana manokana ny fizahan-tany.






# PLFI 2026 : une large concertation engagée avec le Secteur Privé

Dans le cadre de la préparation du Projet de Loi de Finances Initiale 2026 (PLFI 2026), une large concertation a été menée entre le Gouvernement malagasy et les acteurs du secteur privé. Le Ministère de l'Industrie et du Commerce, le Ministère de l'Économie et des Finances, ainsi que l'EDBM, ont organisé une rencontre avec les groupements du secteur privé pour finaliser les propositions à soumettre.

Cette réunion conclut un processus collaboratif entamé depuis plusieurs mois, incluant des échanges techniques et stratégiques, notamment au sein du Comité de Pilotage (COPIL) le 10 mars 2025, et une réunion technique les 16 et 17 juillet avec l'EDBM. Ces étapes ont permis de définir des priorités communes et d'enrichir les réflexions sur l'environnement fiscal.

Les contributions recueillies seront prochainement soumises au Conseil des Ministres pour une éventuelle intégration dans le PLFI 2026. Le Gouvernement réaffirme ainsi son engagement pour une gouvernance fiscale concertée et transparente avec les partenaires économiques.

Un communiqué conjoint présentera prochainement les principales résolutions issues de cette concertation.






***Fandrafetana ny PLFI 2026 : mitohy ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina***

Ho fanomanana ny famolavolana ny Lalàna mifehy ny Tetibola ho an'ny taona 2026 (PLFI 2026), dia nisy fiaraha-midinika misokatra sy mangarahara nataon'ny Governemanta malagasy sy ireo solontenan'ny sehatra tsy miankina. Ny Minisiteran'ny Indostria sy Varotra, ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ary ny EDBM no nikarakara fihaonana tamin'ireo fikambanan'ny sehatra tsy miankina mba hamaritana sy hanamafisana ireo tolo-kevitra.

Ity fivoriana ity dia famintinana ny dingana niarahana niasa nandritra ny volana maromaro, izay nisy fifanakalozana ara-teknika sy ara-stratejika, anisan'izany ny fivorian'ny Komitiy Mpitantana (COPIL) tamin'ny 10 martsa 2025, sy ny fivoriana ara-teknika niarahana tamin'ny EDBM ny 16 sy 17 jolay. Ireo dingana ireo no nanampy tamin'ny fametrahana laharam-pahamehana iombonana sy nandinihana bebe kokoa ny tontolon'ny hetra eto amin'ny firenena.

Ho atolotra amin'ny Filankevitry ny Minisitra tsy ho ela ireo tolo-kevitra voangona, mba hahafahana maampiditra azy ireo ao anatin'ny PLFI 2026. Manamafy hatrany ny fahavononany hanatanteraka fitantanana ara-ketra mangarahara sy ifampidinihana amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-toekarena ny Governemanta.

Ho ambara tsy ho ela amin'ny ny fampitam-baovao ofisialy iraisana ireo fanapahan-kevitra lehibe nivoaka nadnritra ity fiaraha-midinika ity.




# Réunion du Comité de Pilotage du Cadre de Coopération des Nations Unies pour le développement durable 2024–2028

La réunion annuelle du Comité de Pilotage chargé de suivre la mise en œuvre du Cadre de coopération entre Madagascar et les Nations Unies (Plan Cadre) s'est tenue récemment.

Cette réunion vise à évaluer les réalisations inscrites dans le cadre du programme commun CF 2024–2028.

Présidée par Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, Ministre de l'Économie et des Finances, et Monsieur Anthony NGORORANO, Coordonnateur Résident du Système des Nations Unies à Madagascar, la séance s'est concentrée sur l'évaluation des résultats obtenus en 2024 et l'élaboration des orientations pour les années 2025–2026.

Parmi les résultats concrets présentés, quatre (04) priorités fixées par le Gouvernement en collaboration avec les agences onusiennes ont été mises en avant :

- Amélioration de la gouvernance transparente, de l'État de droit et de la sécurité à Madagascar ;
- Renforcement du capital humain, notamment avec 5 400 000 enfants ayant bénéficié de campagnes de vaccination en 2024, et environ 5 500 000 personnes touchées par les projets liés à la nutrition ;
- Promotion de l'entrepreneuriat et de la création d'emplois durables, avec environ 700 emplois créés, et une collaboration établie avec 273 entités du secteur privé ;
- Gestion durable et protection de l'environnement, comprenant notamment la restauration de 3 880 hectares de forêts et la sensibilisation de 20 000 ménages à la préservation de l'environnement.

Le Gouvernement et les Nations Unies ont réaffirmé leur engagement à renforcer leur coopération pour atteindre les objectifs de l'Agenda 2030.

## *Fivorian'ny Komity Mpitarika hiarahana amin'ny Firenena Mikambana ho an'ny fampandrosoana maharitra 2024 -2028*

Tontosa ity volana jolay ity ny fivoriana fanao isan-taonan'ny Komity Mpitarika hiarahana amin'ny Firenena Mikambana hijerena ny fivoaran'ny fantanterahana ny fiaraha-miasa misy eo amin'i Madagasikara sy ity farany na koa hoe Plan Cadre (CF).

Araka izany io Plan cadre io dia hijerena ny zava-bita, manaraka ny Fandaharan'asa iombonana CF 2024–2028. Notarihin'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, sy ny Mpandrindra Nasionaly eo anivon'ny Firenena Mikambana, Andriamatoa Anthony NGORORANO, ny fotoana ary nifantoka tamin'ny fanombanana ireo zava-bita tamin'ny taona 2024 sy ny famolavolana torolàlana ho an'ny taona 2025–2026.

Isan'ireto manaraka ireto ny vokatra azo tsapain-tanana tao amin'ny laharam-pahamehana miisa efatra (04) napetraky ny Governemanta, niaraka tamin'ireo mpikambana eo anivon'ny Firenena Mikambana :

- Fanatsaràna ny fitantanana mangarahara, ny fanjakana tan-dalàna ary ny andriam-pahalemana eto Madagasikara;
- Fampiroboroboana ny fototra maha-olona, toy ireo ankizy miisa 5.400.000 nisitraka vaksiny ny taona 2024, olona eo amin'ny 5.500.000 isa nahazo ny tetikasa mahakasika ny fampisakafoanana;
- Fampiroboroboana ny fandraharana sy ny famoronana asa maharitra eto Madagasikara, toy ny fametrahana ireo asa eo amin'ny 700 eo. Nisy ihany koa fiaraha-miasa niaraka tamin'ny sehatra tsy miankina miisa 273;
- Fitantanana maharitra sy miaro ny tontolo iainana. Nisy ny fanavaozana ala mirefy 3880 Ha sy tokantrano 20.000 izay misitraka fampianarana ny fiarovana ny tontolo ianana.

Nohamafisin'ny Governemanta sy ny Firenena Mikambana ny fahavononana hanohy sy hanamafy ny fiaraha-miasa ho an'ny tanjona ao amin'ny Agenda 2030.

# Journée Africaine de Lutte Contre la Corruption : le MEF engagé

Le vendredi 11 juillet 2025, Madagascar a célébré la Journée Africaine de Lutte Contre la Corruption (JALCC 2025) à Havoria, Anosy, sous le thème « Promouvoir la dignité humaine dans la lutte contre la corruption », marquant une mobilisation nationale en faveur d'une gouvernance éthique.

Le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) y a pris une part active à travers la présence de Madame Rahely Herilala RAHETLAH, Directrice Générale de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics (ARMP), et de Monsieur Tolotra Christian RAHARIJAONA, Directeur de l'Audit Interne. L'événement, présidé par Monsieur Jean Louis ANDRIAMIFIDY, Président du CSI, a rassemblé les institutions clés du Système National Anti-Corruption (BIANCO, SAMIFIN, PAC, ARAI), des représentants de la société civile, des journalistes, des jeunes leaders et des partenaires techniques, autour de conférences-débats et d'expositions institutionnelles axées sur la transparence, la justice et la lutte contre toutes les formes de corruption. Cette journée a renforcé la volonté commune de bâtir une société respectueuse des droits fondamentaux, fondée sur l'intégrité et la justice sociale, en traçant la voie vers une île d'intégrité à l'horizon 2030.

***Andro Afrikanina Iadiana amin'ny Kolikoly 2025 – Hetsika iraisana ho amin'ny ny hasin'ny maha-olona***

Notanterahina tao amin'ny Havoria, Anosy, ny Zoma 11 Jolay 2025, ny fanamarihana ny Andro Afrikanina Iadiana amin'ny Kolikoly (JALCC 2025) izay nitondra ny lohahevitra hoe « *Atsangano ny hasin'ny maha-olona amin'ny ady amin'ny kolikoly* ». Nandray anjara mavitrika tamin'izany ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanambola (MEF), tamin'ny alalan-dRamatoa RAHETLAH Rahely Herilala, Tale Jeneralin'ny ARMP, sy Andriamatoa RAHARIJAONA Tolotra Christian , Talen'ny Fitsirihana Anatiny. Nitarika sy nanokatra tny fotoana amin'ny fomba ofisialy izany ny Filohan'ny CSI, Andriamatoa Jean Louis ANDRIAMIFIDY, ary niaraka nivondrona avokoa tamin'ny izany ireo rafitra fototra miady amin'ny kolikoly eto Madagasikara, anisan'izany ny BIANCO, SAMIFIN, PAC, ary ARAI, niaraka tamin'ny solontenan'ny fiarahamonim-pirenena, mpanao gazety, tanora, ary mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola. Nampivondrona ireo mpandray anjara maro ny adihevitra sy fampirantiana momba ny fitantanana mangarahara, ary ny ady amin'ny kolikoly amin'ny endriny rehetra. Ity hetsika ity dia nanamafy ny fanoloran-tenan'i Madagasikara hanorina fiaraha-monina miorina amin'ny fahamarinana, ny hasin'ny maha-olona, ary ny fanajana ny tombontsoa iombonana, ka hikendrena ny hahatonga an'i Madagasikara ho Nosin'ny Fahitsiana amin'ny taona 2030.








# Appui à la JIRAMA : vers un financement axé sur les résultats

Le 22 juillet 2025 à Antananarivo, le Gouvernement malagasy et la Banque Mondiale ont entamé des discussions stratégiques en vue d'un appui financier de 100 millions USD destiné à la JIRAMA, dans le cadre de l'Association Internationale de Développement (IDA). Ce soutien vise à accompagner les réformes structurelles de la société nationale d'eau et d'électricité, à travers le mécanisme novateur « Program for Results » (PforR), qui conditionne les décaissements à l'atteinte de résultats concrets. Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, Ministre de l'Économie et des Finances, a reçu à cette occasion une délégation de la Banque Mondiale conduite par son Représentant Résident, Monsieur Atou SECK. Ce partenariat reflète la volonté commune de renforcer la gouvernance énergétique à Madagascar, d'améliorer l'accès aux services de base et de consolider une coopération fondée sur la transparence, la redevabilité et le développement durable.

### *Fanohanana ho an'ny JIRAMA : Dinika niarahana tamin'ny Banky Iraisam-pirenena*

Ny 22 Jolay 2025, nifampidinika mikasika ny fanampiana ara-bola mitentina 100 tapitrisa dolara amerikana ho an'ny JIRAMA ny Governemanta Malagasy sy ny Banky Iraisam-pirenena. Nandray ny solontenan'ity andrim-panjakana iraisam-pirenena ity, Andriamatoa Atou SECK, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo . Ity famatsiam-bola avy amin'ny IDA ity dia hampiharina amin'ny alalan'ny rafitra Program for Results (PforR), izay mifototra amin'ny vokatra azo tsapain-tanana. Ny tanjona dia ho entina hanamafisana ny fanavaozana sy ny fitantanana ny sehatry ny angovo, ary hanome antoka fidirana maharitra sy mangarahara amin'ny rano sy herinaratra ho an'ny vahoaka.




# SIGRNF : le paiement des frais de passeport se modernise



Le processus de paiement des frais de passeport se modernise et s'accélère. Le Trésor Public a annoncé la mise en service du paiement via Mobile Money pour le règlement des frais de passeport. Cette nouvelle modalité s'inscrit dans l'initiative de modernisation des services publics. Elle s'appuie sur l'utilisation du Système Intégré de Gestion des Recettes Non Fiscales (SIGRNF), un programme informatique élaboré pour assurer une gestion plus transparente et plus efficiente des fonds publics, d'après la Direction Générale du Trésor.

Afin de faciliter ce service, trois tablettes ont été mises en place au sein du centre de délivrance des passeports. Des affiches munies d'un QR Code sont également mises à disposition des utilisateurs pour leur permettre d'accéder directement à l'application de paiement depuis leurs téléphones.

À travers ce dispositif, les autorités visent à minimiser les temps d'attente, à fluidifier les files et à simplifier le processus de paiement des frais de passeport.



### *SIGRNF : fanavaozana ny fandoavana ny saran'ny pasipaoro*

Mihavao hatrany ny fomba fandoavana ny saran'ny pasipaoro. Nampahafantatra ny teo anivon'ny Tahirimbolam-panjakana fa efa afaka atao amin'ny alalan'ny Mobile Money ny fandoavana izany. Ity fomba vaovao ity dia tafiditra amin'ny fanavaozana ny fandraharam-panjakana, amin'ny alalan'ny fampiasana ny SIGRNF (Système Intégré de Gestion des Recettes Non Fiscales), rindram-baiko iray manampy amin'ny fitantanana mangarahara sy mahomby kokoa ny vola-panjakana.

Mba hampirindra ity tolotra ity dia fitaovana moderina toy ny « tablette » miisa telo no napetraka tao amin'ny foiben'ny famoahana pasipaoro. Nasiana takelaka misy « QR Code » ihany koa, ahafahan'ireo mpisitraka miditra mivantana amin'ny fandoavam-bola amin'ny finday.

Ity rafitra ity dia mikendry ny hampihena ny fotoana lany, hampirindra ny filaharana, ary hanafaingana sy hanamora ny fandoavana ny saran'ny pasipaoro.



# AFAFI Centre : l'Ambassadeur de l'Union européenne s'est rendu à Ambohitromby



Dans le cadre du programme AFAFI-Centre, l'Ambassadeur de l'Union européenne, SE Monsieur Laurent KOBIA s'est rendu à Ambohitromby, commune rurale du district d'Ankazobe (Région Analamanga). Cette mission, effectuée le 23 juillet 2025, a permis d'observer directement les réalisations du projet TAFITA, mis en œuvre dans cette commune rurale.

Une visite du guichet foncier, accompagnée d'une démonstration du processus de délivrance des certificats fonciers, ainsi qu'une visite du site de réhabilitation du barrage hydro-agricole de Morarano - un projet concret issu du PALOSS, cofinancé par la population locale, la commune et le projet TAFITA - ont été effectuées.

En allant à la rencontre des bénéficiaires, des autorités locales et des acteurs de mise en œuvre, le suivi de près du projet est primordial afin de mieux apprécier les résultats obtenus, les défis rencontrés et les dynamiques locales engagées.

Pour rappel, le projet TAFITA est financé à hauteur de 2,5 millions d'euros, il est mis en œuvre depuis 2021 dans 26 communes des régions Analamanga et Itasy. Il poursuit plusieurs objectifs essentiels pour renforcer la gouvernance et l'aménagement local; la sécurisation foncière via l'Opération de Certificat Foncière Massive ; l'amélioration de la fiscalité locale, au service des budgets communaux ; la planification territoriale structurée, à travers le Schéma d'Aménagement Communal (SAC) et le PALOSS (Plan d'Aménagement Local Simplifié et Sécurisé) ; et le renforcement de la gouvernance participative, incluant les citoyens dans la prise de décision.

Cette visite illustre une volonté partagée de promouvoir une décentralisation efficace et un développement local équitable, fondé sur l'implication des habitants et la collaboration durable entre communautés, autorités et partenaires techniques et financiers.



***AFAFI Centre : Fitsidihana an'i Ambohitromby, distrikan'Ankazobe.***

Nitsidika an'Ambohitromby, kaominina ambanivohitra ao amin'ny distrikan'Ankazobe – Faritra Analamanga, ny Masoivohon'ny Vondrona eoropeana Laurent KOBIA ny 23 jolay 2025 lasa teo. Tafiditra ao anatin'ny fanatanterahana ny fandaharanasa AFAFI-Centre izany, entina hijerena akaiky sy mivantana ny zava-bita ao anatin'ny tetikasa TAFITA, izay tanterahina ao amin'ity kaominina ambanivohitra ity.

Nandritra ny fidinana ifotony dia notsidihina ny Birao Ifotony ny Fananantany (BIF), ahitana ireo dingana arahina sy ny fomba fitantanana ny taratasy fananan-tany. Notanterahina ihany koa ny fitsidihana ny toerana nanaovana fanarenana ny tohodrano hydro-agricole ao Morarano, izay vokatry ny PALOSS, tetikasa vatsian'ny mponina, ny kaominina, ary ny TAFITA vola.

Zava-dehibe ny fidinana ifotony ho fanaraha-maso akaiky ny tetikasa, ahafahana mihaona mivantana amin'ireo mpisitraka, tompon'andraikitra eo an-toerana, ary ireo mpisehatra amin'ny fanatanterahana.

Tsiahivina fa ny tetikasa TAFITA, dia misitraka vola mitentina 2,5 tapitrisa euros avy tamin'ny Vondrona eoropeana, nanomboka tamin'ny taona 2021 ny fanantanterahina azy ka hatramin'izao, anatin'ny kaominina 26 ao anatin'ny Faritra Analamanga sy Itasy. Ireto avy no tanjona kendrena :

Fanamafisana ny zo amin'ny tany amin'ny alalan'ny hetsika karatany faobe

Fanatsarana ny hetra ao an-toerana, ho fanamafisana ny tetibola ny kaominina

Fanamafisana ny drafi-panajariana ifotony ny fananatany, amin'ny alalan'ny SAC sy PALOSS

Fampiroboroboana ny fitantanana ifotony amin'ny alalan'ny tetibola Ifarimbonana

Fanehoana ny fampandrosoana mifototra amin'ny filàna ifotony sy fiaraha-mientana izao hetsika izao : mampifandray ny vahoaka, ny tompon'andraikitra, ary ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny famatsiam-bola sy fanohanana ara-teknika.



45ème Sommet de la SADC
**MADAGASCAR 2025**
**03 AU 18 AOÛT 2025**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

SOUTHERN AFRICAN DEVELOPMENT COMMUNITY
SADC
TOWARDS A COMMON FUTURE

# Madagascar fin prête

**Du 3 au 18 août 2025, Madagascar accueillera le 45è Sommet des Chefs d'État et de Gouvernements de la Communauté de Développement de l'Afrique Australe (SADC), au Centre de Conférences International d'Ivato. Cet événement diplomatique réunira les délégations des 16 États membres autour du thème:**
**« Promouvoir l'industrialisation, la transformation du système agricole et la transition énergétique pour une SADC résiliente ».**
**Le sommet marquera l'accession du Président Andry Rajoelina à la présidence tournante de la SADC pour la période 2025–2026. Il s'agit d'une reconnaissance du leadership de Madagascar dans la région et d'une opportunité de renforcer l'intégration économique, la coopération politique et les investissements.**
**Au-delà de sa portée diplomatique, le sommet devrait générer des retombées économiques concrètes à court et moyen terme, notamment par la mobilisation de secteurs clés (hôtellerie, transport, artisanat), le développement des infrastructures et l'amélioration de l'image du pays sur la scène internationale.**
**Des événements parallèles, expositions et forums économiques viendront renforcer la visibilité de Madagascar et promouvoir ses atouts. La présidence malgache ambitionne également de défendre les intérêts des États insulaires, notamment en matière de connectivité maritime et d'infrastructures adaptées.**

## *Fandraisana ny fivoriam-ben'ny vondrona SADC : vonona i Madagasikara*

**Hotanterahina eto Madagasikara ny 3 hatramin'ny 18 aogositra 2025 izao ny Fihaonana an-tampony faha-45 an'ny SADC, hetsika diplaomatika hiaonan'ireo Filoham-pirenena sy solontenam-panjakana avy amin'ireo Firenena 16 mpikambana ao anatiny.**
**Fotoana natao hifanakalozana hevitra sy hamolavola politika iarahana. Manana anjara toerana lehibe eo anivon'ny SADC i Madagasikara hanomboka amin'io volana aogositra 2025 io. Hanamafy ny fahatokisan'ireo mpampiasa vola sy mpamatsy vola ho avy eto Madagasikara araka izany ity fandraisantsika ny SADC ity. Eo ihany koa ny fampitombo ny laza hananan'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, izay taratry ny fahombiazan'ny diplomasia Malagasy.**
**Efa vonona amin'ny fanomanana ity fihaonana ity ny Fitondram-panjakana Malagasy, amin'ny alalan'ny komity iraisan'ny ministera izay mifanome tanana amin'ny lafiny rehetra toy ny fandaminana ara-teknika, ny fanamafisana ny filaminana, ny fandraisana vahiny sy ny fitantanana ara-bola.**
**Amin'io fotoana io ihany koa no hanatanterhina ny fampindram-pitantanana eo amin'Andriamatoa João Lourenço , Filohan'ny SADC teo aloha sy i Andry RAJOELINA, filoha vaovaon'ny SADC vaovao.**

